Rindran'ny Olompirenena
Hiarovana ny Iaraha-manana

# HIHEMOTRA TSY HANATANTERAKA NY PSE NA NY TETI-PIVOARANA HO AN'NY FANABEAZANA NY FITONDRANA ANKEHITRINY: FA ATAO FANAHY INIANA VE NY HANGEJA NY OLOMPIRENENA SY NY ANKIZY MARO AO ANATY HABADOANA SY FAHANTRANA ?

Mafy ny manjo ny malagasy satria miaina ao anaty fahantrana[1] tanteraka ny ankamaroany. Ny fanatsarana ny fanabeazana dia fototra lehibe entina mandresy amin'ny fomba maharitra izany fahantrana izany.

Indrisy anefa fa raha ny lafiny fanabeazana no resahana dia tena ratsy dia ratsy ny zava-misy izay manamarina fa tsy nahomby avokoa ny politika natao tamin'izany sehatra fanabeazana izany hatreto :

- 6%n' ny ankizy 7 ka hatramin'ny 14 taona ihany no mahay manisa[2],
- Raha amin'ny ankizy 100, dia 32 ihany no mahavita ny ambaratonga fototra ka tafiditra manohy ny kilasy faha-6 ao amin'ny ambaratonga faharoa[3] ary 9 sisa tonga any amin'ny Kilasy famaranana
- Misy fahasamihafany ara-paritra koa ka tena latsa-danja ny any amin'ny faritra atsimo[4] ary mazava ho azy fa tena marefo ny ankizy any ambanivohitra ary mahazo vahana kokoa ny ankizy miaina an-tanan-dehibe sy amin'ny renivohim-paritra/Distrika.

Ny PSE (Plan Sectoriel de l'Education) na « Teti-pivoarana ho an'ny fanabeazana » dia novolavolaina niainga tamin'izany zava-misy mampalahelo izany. Tena fanavaozana no katsahina sy narafitra ary nandray anjara ny ankolafy rehetra mba ho tombontsoa ambonin'ny zaza malagasy, ka ho afaka hisitraka fanabeazana tsara sy hiandrandra ho avy mamiratra kokoa ny ankizy rehetra. Misy zava-dehibe 3 tena ivon'izany Teti-pivoarana PSE izany izay raha tsinotsinoavina sy lavina ireo dia lasa famerenana fotsiny ireo teti-pivoarana taloha izay efa tsy nahomby sy tsy nahitana voka-tsoa indray no atao, ary hizaka ny voka-dratsiny hatrany ireo ankizy indrindra ny maro an'isa mihoatra ny 80% izay monina ambanivohitra ka mianatra any amin'ny sekolim-panakana ny ankabeazany. Ireo fotora telo :

1. **Fampiasana ny tenin-dreny (malagasy)** ho enti-mpampianatra amin'ny taona 3 voalohany hidirana an-tsekoly izay efa voaporo ara-tsiantifika fa izay no fomba tsara indrindra hanombohana ny fianarana

---

[1] Olona 7 amin'ny 10 no miaina ambanin'ny taham-pahantrana nasionaly, raha ny voalazan'ny Banky Iraisampirenena. Mihoatra ny 1 amin'ny olona 2 no miaina amin'ny vola latsaky ny 3500 Ar (1$) isan'andro.

[2] Fanadihadiana MICS 2018

[3] Fanadihadiana ny zava-misy (Analyse de la situation PSE 2018 – 2022)

[4] Taha fijanonana an-tekoly tafidina 27% any amin'ny Faritra atsimo/Taux descendant jusqu'à 27 % de taux de rétention scolaire dans le Sud

2. **Fanabeazana fototra mandritra ny 9 taona** izay manalava ny fotoana hijanonan'ny ankizy an-tsekoly mba hahazoana ny fahalalana bebe kokoa ka mizara zana-dingana/zank'ambaratonga 3 izany. Noho ity paik'ady ity no mamoana ny fanadinana CEPE
3. **Fandrindrana ny teti-androm-pampianarana** entina mampihena ny tahan'ny tsy fahatongavana an-tsekoly sy ny fameren-taona ary ny tahan'ny ankizy mitsoaka an-daharana tsy mahatojo satria 900 ora andro no ilain'ny ankizy isan-taona mba hahazo fampianarana ampy izy. Ny fotoam-pahavaratra, be orana sy rivo-doza ary maitso ahitra izany dia tokony tsy ho fotoam-pianarana velively.

Ankoatr'ireo singa fototra telo ireo dia mazava ho azy fa maro ny paik'ady sy lahasa tsy maintsy tanterahina izay voasoritra ao anatin'ny teti-pivoarana PSE ka anisan'ny manan-danja (i) ny famerenana amin'ny hasiny ny asan'ny mpampianatra (fampiofanana, tambin-kasasarana sy tombontsoa, sns), (ii) ny fanamboarana sy fanatsarana ny foto-drafitr'asa toy ny sekoly, (iii) ny fanatsarana ny fandaharam-pianarana sy ny fitaovana enti-mampianatra mba hifanaraka amin'ny asa tokony hataon'ny ankizy/tanora rehefa mahavita ny fianarany, (iv) ny fitsinjaram-pahefana ka omena vahana kokoa ny eny ifotony amin'ny fitantanana sy ny enti-manana momba ny fanabeazana ary indrindra ny fametrahana mangarahara sy ny ady amin'ny kolikoly eo amin'ny sehatry ny fanabeazana.

**Ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena sy ny Fampianarana ara-teknika sy arak'asa, tamin'ny alalan-dRtoa Ministra anefa dia nanambara fa hihemotra tsy hanatanteraka ny teti-pivoarana PSE indray,** ary nilaza fa miverina amin'ny teti-androm-pampianarana taloha ary tazomina hatrany ny fanadinana CEPE izay efa mazava fa sakana ho an'ilay fanabeazana fototra mandritra ny 9 taona. Na dia toa niantso fifampidinihana aza Atoa Praiministra dia mahagaga fa nohamafisiny sy nohamarininy io fanapahan-kevitra hihemotra amin'ny fanatanterahana ny PSE io.

Tena mahazendana sy tsy azo eritreretina izany fitsipahana ny PSE izany satria ny Praiministra ankehitriny dia isan'ireo Olobe manan-kaja nanaiky sy nanao sonia ny PSE fony izy mbola Tompon'andraikitra ambony sy voalohany tany amin'ny Fikambanana iraisam-pirenena (OIT) mpiara-miombon'antoka tamin'ny Fanjakana Malagasy, mba ho fiarovana ny tombontsoa ambonin'ny ankizy ka tsy hisy fanararaotana amin'ny fampiasana zaza tsy ampy taona.

**Ny fanapahan-kevitra samirery ataon'ny Fitondrana dia mifanohitra amin'ny tombontsoan'ny vahoaka/zaza maro an'isa indrindra ireo monina any ambanivohitra.** Izy ireo izay tsy mba afaka voizin'ny haino aman-jery/gazety sy ny tambazotra sosialy ny feony sy ny heviny, tsy mba manana olona ambony afaka miresaka mivantana ka mandresy lahatra ny mpitondra ho an'ny tombontsoany ary na ireo olom-boafidy/Depiote any amin'ny faritra ambanivohitra aza mangina tsy miaro azy ireo.

Avy amin'ny alalan'ilay fanabeazana fototra 9 taona sy fandrindrana teti-androm-pampianarana dia, etsy an-kilany 80% maherin'ny ray aman-dreny any ambanivohitra no manantena fa mba afaka hianatra any an-tsekoly amin'ny fotoana mety sy ampy ny zanany, ary tsy hitaintaina amin'ny loza mety hitranga noho ny orana, ny rivo-doza izay mifanandrify ihany koa amin'ny maitso ahitra tsy hahampian'ny sakafo. Etsy an-daniny indray, ireo ray aman-dreny vitsy dia vitsy azo tsongaina izay efa manana tombon-dahiny sady mampianatra ny zanany any amin'ny sekoly tsy miankina dia mikiakiaka mafy fa tsy afaka hiala sasatra sy hitsangatsangana ny ankizy raha toa ka amin'ny fotoam-pahavaratra ny fialan-tsasatra tsy handehanana an-tsekoly na koa hoe tsy afaka manohy fianarana any ivelany avy hatrany izy ireo rehefa mahavita ny fianarany eto an-toerana.

Ny diplaoma CEPE dia tokony foanana satria lasa fetra faran'ny ambony ary sakana tsy ahafahan'ny ankizy maro any ambanivohitra manohy ny fianarany amin'ny ambaratonga faharoa (Taona faha-6) ankehitriny satria ajanon'ny ray aman-dreny ny ankamaroan'izy ireo rehefa tonga eo. Tsy manaiky fa te-hitazona izany diplaoma izany ny ray aman-dreny an-drenivohitra satria faly fotsiny te-hahita ny zanany

manana diplaoma voalohany, izay efa saika diplaoma baoritra tsy misy lanjany intsony amin'ny fidirana amin'ny sehatr'asa rehetra. Ireo ankizy ireo koa anefa dia mbola manohy ary ny ankamaroany dia tafita sy tojo ny taona faha-9 ka mahazo ny diplaoma BEPC izay mbola misy lanjany tokoa.

Amin'ireo tranga ireo ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Fitondrana/Governemanta dia vao maika mamparefo ireo RAR/ankizy ambanivohitra izay maro no mianatra amin'y sekolim-panjakana ary hisy vokadratsiny amin'ny fitovian-jon'ny ankizy hahazo fanabeazana tsara. Vao may hanamafy ny fahantrana sy ny elanelana izay efa manjo ny malagasy izany.

**Ny fapahan-kevitra samirery noraisin'ny Governemanta dia maneho ny tsy fanajana ny fifampidinihana sy ny fampandraisana anjara ny mpisehatra rehetra izay fototry ny fitondrana tsara tantana**

Ny teti-pivoarana PSE dia niainga tamin'ny RESEN[5], izay fomba fikarohana sy fanadihadiana aratsiantifika momba ny fanabeazana efa voaporofo fa mahomby ary ampiharina maneran-tany ary natao teto amin'ny firenentsika. Nohomafisina tamin'ny fifampidinihana maro izany ka nisy fandraisan-kevitra niarahana tamin'ny mpisehatra manerana ny faritra 22. Nosiniavin'ny mpisehatra miisa 52 ka tsy ny Fanjakana ihany fa nanaiky koa ny firaisamonim-pirenena, ny sehatra tsy miankina, ny sendika sy ny mpiaramiombon'antoka eto an-toerana sy iraisam-pirenena. Napetraka ihany koa ny « Vovonana nasionaly fiarahamidinika momba ny PSE » (PNPSE) mba entina manatsara ny fampiharana sy fanatanterahana ilay tetipivoarana voarafitra.

Ny fanapahan-kevitra hiverin-dàlana hitsipaka ireo singa fototry ny PSE kosa dia noraisin'ny Governemanta fotsiny tsy nisy fikarohana na fanadihadiana niaingana sy nanamarina azy. Ireo ray aman-dreny sy mpisehatra vitsivitsy tamin''ny faritra 7 no nakana hevitra izay inoana fa maro no avy amin'ny tanandehibe sy ny renivohim-paritra/distrika ary avy eo nampian'ny famporisihina avy amin'ireo olobe manan-kaja avy amin'ny sehim-pampianarana tsy miankina izay manana ny hery sy fahefana handresen-dahatra mivantana ny mpitondra mpanapan-kevitra. Na izany aza dia hita taratra tamin'ny fivorian'ny PNPSE farany fa ny ankamaroan'ny mpisehatra na ny Tompon'andraikitra ara-teknika ao amin'ny Ministera aza dia TSY miombon-kevitra velively amin'ity fanahan-kevitra fihemorana amin'ny fampiharana ny PSE noraisin'ny Governemanta ity.

**Ny fanapahan-kevitra samirery noraisin'ny Governemanta dia mitsipaka ny fifampitohizana eo amin'ny fitantanana ny raharaham-pirenena ary manimba ny fitokisan'ny hafa ny Fanjakana malagasy, indrindra ny fitokisan'ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny governemanta noho ny fitsipahana tsy amin'antony ny fifanekena niaraha-nanao.**

Tena very fanahy mbola velona ny ankamaroan'ny mpisehatra eo amin'ny fanabeazana manomboka amin'ireo Tompon'andraikitra sy Teknisiana ao amin'ny Ministera. Ny serasera sy fanehoankevitra ara-teknika ataon'izy ireo dia mbola manamafy ny mampitombina, ny fitazomana ary ny tokony hanohizana ny PSE izay mifanohitra amin'ny fanapahan-kevitra politika noraisin'ny Governemanta. Ohatry ny manambara izany fa « tsy mitombina nefa dia noraisina » ilay fanapahan-kevitra ary tsy afa-manoatra izy ireo manoloana izany : matahotra ny sazy setriny sy ny toerany/asany ve ? Raha tsy tohizana ny PSE dia tsy hanana risi-po intsony ireo Tompon'andraikitra sy Teknisiana ireo ka hitohy indray ny fa ho any fa ho any izay efa mahazo vahana eo amin'ny sehatry ny fanabeazana. Ny mpisehatra hafa toy ny Firaisamonimpirenena izay nanao sonia sy nanaiky ny teti-pivoarana PSE dia manambara fa raha ialana ireo singa fototra sy

[5] RESEN : Rapport d'Etat du Système Educatif National (Tatitry ny zava-misy marina momba ny Fanabeazana eo amin'ny Firenena iray)

manan-danja voalaza etsy ambony dia fitsipaham-pitokisana izany ary heverinay fa teti-pivoarana tsisy votoatiny sy ny maha-izy azy intsony ny PSE.

Ny mpisehatra iraisam-pirenena manomboka amin'ny GPE (Global Partnership for Education) mamatsy vola betsaka ny fanatanterahana ny PSE ve hitsipaka ny fomba fiasany? Izy ireo mantsy dia nirohotra nanampy antsika ka nanokana vola hanatanterahana ny PSE satria resy lahatra tamin'ny fahavononantsika malagasy miaraka (Tsy ny Fanjakana irery ihany fa ny sehatra tsy miankina, ny firaisamonim-pirenena, sns) hanatsara ny fanabeazana ka tena hitondra fanavaozana sy fanovana mba ho tombontsoa ambonin'ny ankizy mpianatra. Tsy azo inoana velively fa mbola hitazona ny teny nomeny amin'ny famatsiam-bola sy fanampiana teti-pivoarana hafa izay tsy nandalo dingana famolavolana matotra izy ireo. Raha toa ka misy mantsy izany dia hanambara avy hatrany ny tsy fahamatoran'izy ireo ary indrindra haneho koa fa tsy misy iraharahiany ny tombontsoan'ny mponina sy ny ankizy/zaza malagasy fa izay ataon'ny mpitondra ihany no arahiny.

**FEHINY**

Izahay Firaisamonim-pirenana nanao sonia ny PSE sy manao ity fanambarana ity dia :

- Tsy mankasitraka velively ny fanapahan-kevitra noraisin'ny Governemanta samirery ary mangataka ny hiverenany mijery izany mba **ho tombontsoan'ny ankizy malagasy sy hitandrovana ny fahalemana ara-tsosialy.**
- Manainga ireo mpiantsehatra rehatra nanaiky ny PSE mba **hiaro sy hanaja ny fifanekena niaraha-nanao ary koa mba hitandrovana ny fitokisana ny Fanjakana malagasy izay samy tompony isika rehetra.**
- Manentana ny mpiantsehatra rehetra mba **hifanakelo hevitra sy hanabe/hanentana ny olompirenena momba ny fanavaozana entin'ny PSE** hanatsarana ny fisitrahan'ny rehetra fanabeazana tsara kokoa.
- Manainga koa ny **Tompon'andriakitra sy ny olompirenena tsisy an-kanavaka mba hanana toetra mitsinjo ny firaisankina nasionaly** ka hanamora ny fahafahan'ny ankizy rehetra indrindra ny any ambanivohitra mianatra amin'ny sekolim-panjakana mba hisitraka fanabeazana tsara kalitao.

**Miangavy ny fahendrena sy ny fahamalinana avy amin'ny Filohampirenena** mba hanararaotra ny fananana sy fampiharana ny teti-pivoarana PSE hanatanterahana ireo velirano nataonao tamin'ny vahoaka/olompirenena ary ny ankizy malagasy rehetra mba hahazo fanabeazana tsara fa tsy misy ho latsa-danja.

**Izahay dia vonona hatrany hifanakalo hevitra sy hanome tolo-tanana,** amin'ny fijerena ny fanatsarana ny fampiharana sy fanatanterahana ny PSE **raha tsy kitihina sy tsy lavina ireo singa fototra** tena maha teti-pivoarana fanavaozana azy voalaza etsy ambony.

**Izao no atao dia mba ho fiarovana ny tombontsoan'ny olompirenena sy ny ankizy malagasy hatrany!**